Ny Valosoa sy hadihady

Mibaribary fa tena fitaovana politika ny fitsarana sy ireo mpitsara sasany

Tompondaka isika eto Madagasikara amin'ny fananana karazam-pitsarana sy rafitra ahitana mpitsara, toy ny Bianco, Samifin, Csi, Pac, Hcdded, Cnidh, Taf, tsy azo adinoina ireo goavana indrindra dia ny Hcc, Conseil d'Etat, Hcj ary ireo fitsarana isan'ambaratongany mielim-patrana manerana ny faritra .
Tsikaritra anefa fa ny sasany amin'ireny rafitra ireny dia lasa fitaovana anenjehana ireo tsy mitovy hevitra, ka ireo tompon'andraikitra fahiny mety hanelingelina ny mpitondra dia mety tonga aminy, hatramin'ny famoronana antontantaratasy entina iampangana azy ireo.
Mahazo laka eny amin'ny fampahalalambaovao izao ny fanenjehana ireo ministra sasany tamin'ny fitondrana Rajaonarimampianina, nolazaina fa nanodinkodimbolampanjakana, mety ho nisy izany, kanefa mety ho diso ihany koa, fa ny hita miharihary aloha izao dia hita taratra ihany ny halako bika tsy tiako tarehy.
Ny voalazan'ny lalàna dia ny Hcj na Fitsarana avo natao itsarana ireo olona ambony no mitsara ireo tompon'andraikitra ambony nanao hadisoana, ka misy ny vaomiera manao ny fanadihadiana eny amin'ny Antenimierampirenena, avy eo dia maka ny fankatoavana ao amin'ny fivoriambe vao miroso amin'ny fitsarana any amin'ny Hcj. Ny azo antoka dia manana ny maro an'isa ny fitondrana ao amin'ny Antenimierampirenena , ka tsy ho sarotra ho azy ireo ny mandetika ireo minisitra izay tsy takona afenina fa mpifanandrina politika aminy.
Etsy andaniny ihany koa dia nisy ny tatitra nataon'ny Tale Jeneralin'ny Bianco momba ny raharaha "écran plat", nambaran'ity tompon'andraikitra ity, fa efa nahavita ny anjara fanadihadiany ny Bianco, ka ny Pac indray no mandray ny raharaha, dia ho hita izay tohiny , na ho afa-bela Ingahy Minisitry ny ati-tany nividy ilay fitaovana sy ny vadiny nivarotra ilay entana , ny ahiana dia mety hiteny indray ny Pac hanao hoe tsy mahaefa hitsara ny raharaha, fa tokony ny Hcj no hirotsaka an-tsehatra, dia azo antoka fa hidina eny Tsimbazaza indray ny fanadihadiana avy eo dia ho rava maina, satria manana ny maro an'isa ao amin'ny Antenimierampirenena ny fitondrana.
Ny fitoriana nataon'ny Antoko Tiako i Madagasikara tamin'ny fifidianana ben'ny Tanàna teto Antananarivo Renivohitra tany amin'ny Conseil d'Etat dia nandamoka, satria dia nanome rariny an' Ingahy Vazahabe ity Filankevi-panjakana ity, kanefa nisy ary tena nisy ny porofo nivaingana nahitana, fa tsy ilay lisi-pifidianana nampiasaina tamin'ny fifidianana solombavambahoaka ny 27 Mey 2019 no nampiasaina tamin'ny fifidianana ben'ny Tanàna ny 27 Novambra 2019. Ingahy Ben'ny Tanàna moa dia efa nitabataba tamin'ny hoe tsy ampandroso an'Antananarivo hono ny fifanenjehana lava. Resaky ny matahotra fahamarinana ny an'Ingahy Vazahabe, satria izy anie no tia manenjik'olona fahatany, efa mazava izao fa izy ihany no nitory an'i Rahariniriina Clémence mpanolotsaina loha- lisitra avy amin'ny antoko nahalany azy, kanefa dia nampangainy ho mpanely vaovao tsy marina sy mpanala baraka azy, hiakatra fitsarana Ramatoa mpanolotsaina amin'ny alatsinainy 7 Desambra 2020, izay no vokatry ny fakana am-bavany tao amin'ny fampanoavana, ka asa na handeha araka ny tokony ho izy toy ny raharaha "esplanade" ny fitsarana na hamoa-doza indray hanome rariny ny mpanampatra fahefana.
Mbola mahakasika ny fitsarana ihany dia vita tamin'ny Talata 10 Novambra 202O ny fifidianana ireo mpikambana ao amin'ny Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara, ny azo lazaina mikasika io rafitra io dia ny Filohan'ny Repoblika no filoha ary izay Minisitra miadidy ny fitsarana no filoha lefitra, izany hoe tsy mahaleotena io rafitra io.
Betsaka ny raharaha ilaina ampiakarina fitsarana nandritra ny fitondrana tetezamita, sy amin'izao fitondrana Rajoelina izao, kanefa dia tsisy resaka toy ny raharaha andramena, ny nahafaty an'i Nadine Ramaroson, ny nahamay ny Rnm sy Tvm, ny famonoan' olona tamin'ny 7 Febroary 2009, ny resaka "doublon", bonbons sucettes, panier garni, sns… saingy niniana tsy natao ho laharampahamehana ireo satria mahavoasaringotra tompon'andraikitra maro mbola eo amin'ny fitondrana.
Raha tena vonona ny handroso isika dia ny fitsarana sy ireo mpitsara no mila manao ny asany araka ny tokony ho izy isian'ny tany tan-dalàna, ka Ingahy Filohan'ny Repoblika mihitsy izay filohan'ny Filankevitra Ambonin'ny Mpitsara no manome lesona tsara, mba hihàtra amin'ny antsakany sy andavany ny soratra mivandravandra eny amin'ny Lapan'ny fitsarana manao hoe: "Ity lapa ity dia ho toerana ikarohana ny fahamarinana sy ho fialofan'ny malemy ary ho andrimpirenena", saingy ny iainantsika ankehitriny dia ny mifanohitra amin'izany, satria manjaka loatra ny fitsabahan'ny politika amin'ny fitsarana.

Ny Valosoa

Faritra atsimon'ny Nosy

Kere satria tsy nahita izay lokom-bola avy amin'ny mpamatsy vola

Kere ny any amin'ny faritra Atsimon'ny Nosy satria tsy mba nahita izay lokom-bola avy amin'ny mpamatsy vola amin'izao fotoana. Arak'izany, poizina mahafaty any amin'ny faritra Atsimon'i Madagasikara ny fitondrana Rajoelina izay tsy mahomby. Main-tany efa ho ny herintaona, renirano maina, vokatra maty, tsy ilàna mpaminany ny fahafantarana fa mosary no ho setrin'izany, nefa tsy niomana tamin'izany izao fitondrana izao. Ny ben'ny tanàna any amin'ny kaominin'i Ifotaka dia efa nanoratra tany amin'ny tompon'andraikitra, saingy tsy nahazoam-baliny mandraka ity ny androany momba io kere efa nananontanina io. Sary niely tamin'ny tambazotran-tserasera facebook, nanohina sy nanaitra ny besinimaro, vao taitra ny fitondram-panjakana ary tonga nanao fihetsiketsehana ny filoha Andry Rajoelina. Ny olony voatendry tany an-toerana, Jerry Hatrefindrazana, 'governora' amin'ny faritra Anôsy, dia nanamafy fa tsy fotoana ifanomezan-tsiny izao, fa ny maika aloha no banjinina. Araka izany dia toa fanenjehana ireo orinasa mpanondrana sisal na taretra indray no nahamaika azy. Dia gaga ny rehetra. Ankoatra izany, vola dolara an-tapitrisany no azo avy amin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena (FMI), fa tsy nahita ny lokony ireo olona iharan'ny hanoanana eo ambavahoanan'ny fahafatesana any Atsimo. Tsy misy mihitsy ny mangarahara avy amin'ity fitondrana Rajoelina ity. Ary vao mainka aza zavatra tsy ampoizina no mitranga fa ny 'gélules CVO+' indray no omena vahana, izay vokarin'ny orinasa Pharmalagasy, tsy hita hoe ahoana ny mahakasika izany amin'izao fotoana. Ny kere misy ankehitriny dia faharesena lehibe ho an'ireo tomponandraikitra rehetra, ka voalohany amin'izany ny governemanta, fa ao koa ny Firenena Mikambana sy ireo ONG misahana ny mahaolona sy fampandrosoana.
Any amin'ny firenena afrikanina sasany, toa an'i Sudan atsimo, dia mahita mosary tokoa isika satria tany miady no misy any. Fa i Madagasikara dia tsy tany itoerana ady hatramin'izay, ka tsy tokony hisy izany mosary izany. Henatra ho an'ny Malagasy sy i Madagasikara izao zava-mitranga eto amintsika ankehitriny izao.

Ny Valosoa

TONONKALO

NANKAIZA NY BEN`NY TANANA ?

Nankaiza nankaiza ny Ben`ny tanàna ?
Tavela any ho any sa lasa any ampita ?
Ny fako miavovona efa igagana.
Mikimpy izy sa dia minia tsy mahita ?

Nanidina fotsiny ve irony teny
Natao tao anaty propagandy,
Sa fitaka fotsiny ny toy ireny,
Fanaon`olom-petsy sy tena mavandy ?

Nankaiza nankaiza ireo fiara vaventy
Natao dokambarotra nanakoako ?
Ny lokony foana no natao nirenty,
F`angaha tsy natao mba hitaomana fako ?

Ny vola lamandy sy sazy no betsaka,
Nefa ireo lalana ratsy dia ratsy.
Mampiakatra feo iretsy fiarakaretsaka
Hoe hisy hetsika hataony atsy ho atsy !

Ny Ben`ny tanàna, tsy mahatanty kiana,
Kanefa efa miakatra ny maripana.
Nahazo ny seza vao tra-pahoriana,
Misedra ireo olana tsy hainy vahana !

… Manohy ny di-doha fa tsy laitra rarana
Ka ho afa-baraka amin`iretsy mpanohitra ?
Raofy ny fako ry Ben`ny tanàna
F`andraikitrao `zany amin`ity renivohitra !

DADAN`i ZINA (11-11-20)

Filankevi-panjakana

Manahiran-tsaina ny mpikatsaka fahamarinana

Nahavalalanina ny olom-pirenena maro ny nandre ny fanapahankevitra, na ny didimpitsarana navoakan'ny Filankevi-panjaka-na (Conseil d'Etat) farany teo, momba ny fifidianana kaominaly. Maro ireo raharaha antontan-taratasin' ady fitoriana teo am-pelatanany momba ny fifidianana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina izay natao farany iny. Efa am-bolana maro, efa tamin'ny taon-dasa. Nisy avy hatrany ny fitarainana sy fitoriana napetraka taminy noho ny fahitana toe-javatra hafahafa hita ho tsy mandeha ampahamarinana. Nisy ny nanana porofo momba izany ho an'ny kandidà sasany, toy ny fifidianana ben'ny tanàn'Antananarivo renivohitra. Niaraha-nandre tsara ny fanazava- na nataon'ny kandidàn'ny Tim sy ireo mpanohana azy tamin'izany fotoana izany. Nisy ihany koa ny hitan'ny vahoaka mivantana tamin'ny toerana samihafa. Nisy ny fangatahana nataony tamin'izany. Toa very an-javony anefa izany raha ny didy navoakan'ity filankevitra ity.
Ho an'ny olom-pirenena tsy manam-pahalalana momba ny lalàna, dia tsotra ny azy, misy tsy milamina izany. Hitany mivantana mantsy ny zava-misy tamin'iny fifidianana iny. Ary tsy vao tamin'iny ihany fa na tamin'ireo fifidianana nanomboka tany amin'ny filoham-pirenena. Ho azy ireo, dia toa iniana atao izay hampanginana na hanakonana mihitsy ny fahamarinana eto amin' ity firenena ity. Ny mampanahiran-tsaina ny maro, dia ireo heveriny ho antenaina farany sy azony ianteherana amin'ny fiarovana izay fahamarinana izay mihitsy no toy ny "hazo boboka". Indraindray aza zary toy ny "papango mpipaoka ny zanak'akoho". Ho very fanahy mbola velona ny vahoaka manoloana izany toe-javatra izany. Ny fahamarinana irina mba hanjaka eto amin'ity firenena ity toa ho sarotra na tsy hisy mihitsy. Izany ve no hitaizana sy hanabeazana ny zaza sy tanora zanak'ity firenena ity? Ho sarotra sy hampanahy araka izany koa ny hoaviny.

Sôh'son

Fiainana andavanandro

Olana ho an'ny maro ny tsy fahampiandrano fisotro madio

Miha-miseho lany ny tsy fahampian-drano fisotro madio sy ampiasaina amin'ny fiainana andavanandro, eto an-drenivohitra sy indrindra amin'ny manodidina. Anisan'ny toerana iray sahirana amin'izany ny eny amin' ny Vohitr'Itaosy sy Ambohidrapeto iny amin'izao fotoana izao. Efa eo aloha ny fijalian'ny mponina mpanjifa ny ranon'ny Jirama. Efa mampionon-tsaina amin'ny tsy main- tsy milahatra na mampilahatra ny bidon-ny eny amin'ireo sinibe plastika napetraka hamonjen'ny fanjakana azy ireo izy ireo. Isaky ny roa andro vao mahazo rano. Bidon firy no ilaina amin'izany hahavitana ny filàna ao anaty roa andro. Efa amantaonany no niainan'ny mponina izany, fa tsy nisy fepetra hafa fanatsarana hamahana ny olana. Mazava loatra fa tsy ampy rano ampiasaina ireo olo-na ireo. Tsy maintsy tsi-tsiana ny rano azo.
Fa etsy ankilan'izay, misy ireo nanao lavadrano ka tsy niankina tamin'ny Jirama. Iaraha-mahita anefa ankehitriny ny fahamainan'ny andro tato ho ato. Ny zavamisy, miha-ritra ny rano amin'ny lavadranon'ny olona sasany eny an-toerana. Voatery araka izany izy ireo maka any amin'ireo mpiray tanàna aminy hafa manana lavadrano. Tsikaritra koa anefa fa efa mihena be ny rano amin'ireo lavadrano sasany. Izany hoe, hanahirana tanteraka raha toa ka haharitra ny tsy hirotsahan'ny orana eto an-drenivohitra sy ny mano- didina na any amin'ny toeran-kafa. Ny vahaolan'ny fanjakana na ny tomponandraikitry ny orinasa Jirama anefa, dia mbola lavitra satria nambarany fa amin'ny herintaona no hivaha izany toy ny eny faritra atsinanan' ny renivohitra iny. Izao anefa no sahirana ilay vahoaka. Misy ihany koa vahaolana hita ataon'izao fitondrana izao amin'ny alalan'ny Jirama, toy ny fanampiana sinibe plastika amin'ny toerana sasany. Tsy mahavaha olana tanteraka anefa izany hatreto, ary hita ho tsy vahaolana maharitra hampilamina ny vahoaka. Tsy fahombiazan'ny fitondrana izany.

Radafy